## HAZAKAZAKA LAVITR'EZAKA

# Tsy nahaovoka nanoloana an'ilay Kenyana i Hajanirina Andriamparany

Nanjaka ny vahiny. Nionona indray tamin'ny laharana faharoa i Hajanirina Andriamparany, nandritra ny fifaninanana hazakazaka lavitr'ezaka na ny *"Marathon international de Tana"* notontosaina, omaly, teto Antananarivo.

Vitan'ilay Keniana, Sammy Kibet Kipkorir tamin'ny fe-potoana 2 ora 25'24'' ny halaviran-dalana 42,195 km nifaninanana. Tara telo minitra (2 ora 28'9'') tany aoriany i Hajanirina teo amin'ny filaharana ankapobeny. I Jean de la Croix Rakotomalala, mpihazakazaka avy any Antsirabe kosa no namarana ny fiakarana lampihazo tetsy amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely.

Nanomboka teo amin'ny kilaometatra faha-21 no nanitatra tsikelikely ny elanelana i Sammy Kibet. Teo am-pahatongavana kosa, 800 m ny halaviran' ny elanelana teo aminy sy i Hajanirina.

«*Na dia niady irery aza aho tamin'ity hazakazaka ity dia tratrako ihany ny tanjona, azoko ny amboara*», hoy ity teratany keniana ity. *"Efa tara loatra aho vao niezaka ny nanenjika ka tsy tratra intsony ny elanelana"*, hoy kosa i Hajanirina Andriamparany.

Ankoatra ity farany sy Jean de la Croix dia i Zafiniaika avy any amin'ny Cospn Boeny, no namarana ny lampihazo teo amin'ny filaharana ankapobeny ho an'ny fifaninanam-pirenena.

Teo amin'ny vehivavy indray dia i Marina Ramanantenasoa no voahosotra ho tompondakan'i Madagasikara teo amin'ity hazakazaka lavitr'ezaka ity, tamin'ny fe-potoana 3 ora 21'27''. I Landinirina Ratianarisoa (3 orà 33'37) sy Jocelyne Ravelohantamaharo (3ora 47'37'') no nanampy azy teo ambony lampihazo.

**RA**



**Tara roa minitra tany aorian'i Kipkorir (Kenianina) i Hajanirina**